## Fiaraha-miasa amin'ny fikambanana matihanina iray ao Antsirabe :

Havaozina isan-taona ny "*Convention de partenariat*" rehefa voamarina fa mangarahara ny fitantanam-bola ary azo tsapain-tanana ny vokatra eo amin'ny fianarana sy ny fivoaran'ireo ankizy.

Ferana ho 10 isaky ny taom-pianarana ny isan'ny ankizy raisina an-tanana amin'ny "*parrainage*", mba ahafahana manakaiky bebe kokoa azy ireo sy manaraka akaiky ny fivoarany.

Centre d'Accueil Notre Dame du Mont Carmel d'Antsirabe (C.A.C)



**ZAHANA TSIRAIRAY IZY IREO MBA AHAFAHANA MANDALINA NY TANJONY SY NY FAHAVONONANY**

**12 taona no zandriny indrindra,** ary ireo izay hita fa tena mazoto sy vonona hahatontosa hatramin'ny farany ny fianarana na fiofanana tiany arahina no raisina an-tanana.

Sary : ©Sepp Wohlmuth

## ASSOCIATION DADAH R'ABEL LEGACY:

**24/02/2020**
Daty niforonan'ny fikambanana, ho fahatsiarovana an'i Dadah R'Abel

**25/04/2020** :
Fitsidihana ny C.A.C Antsirabe

**21/10/2020**
Fizarana fitaovam-pianarana



**28/12/2020**
Fanaovan-tsonia ny "Convention de *partenariat*"

**01/2021**
Fiahiana tanora 10, ataon'ireo mpikambana mpanorina

**11/04/2021**
Niforona ny tranonkala ofisialy

*Association humanitaire régie par la loi du 1er Juillet 1901*

*Siège social :*
*11A Rue des Monts Cereaux,*
*22590 Pordic (France)*


Tsidiho ny pejy :
**www.dadahrabellegacy.org/**

# ASSOCIATION DADAH R'ABEL LEGACY

**AMPIO IZY HAHAFANTATRA SY HAMPIASA NY FAHAIZANA ANANANY,**
**FA IZANY NO FANOMEZANA TSARA INDRINDRA HO AZY**

# Ny antom-pisianay

**Hamelona ary hampiroborobo ny soa sy ny fitiavana nozarain'i DADAH R'ABEL, izay mpanakanto, mpamorona no sady mpitsabo, amin'ny alalan'ny fanampiana ireo tanora sahirana indrindra hilofo amin'ny fianarana sy hisitraka ny fitsaboana izay ilainy.**



Na vitsy aza ny tanora afaka raisina an-tanana dia kendrena mba ho tsara ny kalitaon'ny fanabeazana arahin'izy ireo ary tena arahina akaiky ny fivoaran'izy tsirairay avy.

NY TANJONAY DIA
NY HANAMPY SY HANOSIKA IREO IZAY TENA VONONA NY HIEZAKA,
MBA HANANAN'IZY IREO HOAVY MAMIRATRA SY FAHALEOVANTENA ARA-PIVELOMANA REHEFA TONTOSA NY FIOFANANA/FIANARANA ARAHINY.
NY FIKIRIZANA HAHAZO VOKATRA TSARA KOSA NO ANDRASANA AMIN'IZY IREO.

# IREO TETIKASA

**Famoronana *"jardin"* sy *"ferme solidaire"***

Fampindramana tany ho an'ireo fianakaviana eo ambany fiahian'ny fikambanana, ahafahan'izy ireo miompy sy mamboly ho an'ny filàna ara-tsakafony ihany.

**Fikarakarana fifaninanana ara-panatanjahantena**




"Basketball" ao Antsirabe.
Raisin'ny fikambanana an-tanana ireo mpandresy.

**Ary koa tetikasa maro hafa mbola ho avy...**

# Miandrandra ny fanohananao

**<u>FITONDRANA FANAMPIANA</u> :**
Ara-bola* ("*Don*") na ihany koa fizarana fahaiza-manao amin'ireo sehatra samihafa : fampianarana, fahasalamana, "permaculture", fahaleovantena ara-tsakafo...

**<u>FIDIRANA HO MPIKAMBANA</u> :**
Latsakemboka isan-taona : 15 euros.

**<u>FIDIRANA HO MPIAHY</u>:**
Fiantohana ny fianaran'ny ankizy iray mandritra ny taom-pianarana iray amin'ny alalan'ny fanolorana fanampiana ara-bola mitentina 25 euros* isam-bolana.
Ireo mpiahy ("*parrain/marraine*") dia manana ny zo handray anjara amin'ny fifidianana mandritra ny fivoriana ara-potoan'ny fikambanana isan-taona.

** Amin'ny maha-fikambanana mpiahy ny maha-olona dia afaka anomezanay rosia ianao raha toa ka mponina mandoa hetra ao Frantsa.*

Sary : ©Sepp Wohlmuth